TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA
ECONOMIE et FINANCES Newsletter
MADAGASIKARA
MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES · TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA · MEF
MARS 2025




## 1[ÈRE] REVUE :

# FEC-FRD

## 77,392 DTS pour la Grande Ile grâce au leadership du Président Andry RAJOELINA

Madagascar franchit une étape majeure dans son programme économique avec l'approbation, le 26 février 2025, par le Conseil d'Administration du Fonds Monétaire International (FMI), du décaissement d'environ 101 millions USD (77,392 DTS). Ce financement s'inscrit dans le cadre de la première revue du FEC (Facilité Élargie de Crédit) et du FRD (Fonds pour la Résilience et la Durabilité), témoignant de la confiance renouvelée des institutions financières internationales envers Madagascar.

## FEC- FRD : Fandresena ho an'i Madagasikara

Nivoaka ny 26 febroary lasa teo ny fampitam-baovao avy amin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) fa nahazo fankatoavana ny famoaham-bola mitentina 101 tapitrisa dolara ho an'ny Facilité Elargie de Crédit (FEC) sy ny Fonds pour la Résilience et la Durabilité (FRD) ho an'i Madagasikara.

Manamarika dingana lehibe ho an'i Madagasikara amin'ny diany mankany amin'ny fandrosoana ity fankatoavana avy amin'ny FMI ity, izay manohy hatrany ny ezaka efa natomboka eo ambany fitarihan'ny Filoham-pirenena, Andriamatoa Andry RAJOELINA, miaraka amin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta. Manamafy izany rahateo ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ramatoa Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON raha nilaza fa "nanome ny heriny manontolo ny Filoha nanosika ity 1ère revue FEC sy FRD ity ».

# Des performances satisfaisantes

La performance de Madagascar dans le cadre du programme FEC-FRD a été jugée globalement satisfaisante. Les critères de performance quantitatifs à fin juin 2024 sont globalement respectés, et les efforts des autorités pour préserver la viabilité budgétaire en créant les environnements nécessaires au profit des investissements publics et des dépenses sociales ont été pris en considération.

Les progrès dans la mise en œuvre des repères structurels témoignent de la volonté des dirigeants du pays à se conformer aux objectifs du programme, notamment :

- L'application du mécanisme d'ajustement automatique des prix des carburants depuis janvier 2025.
- La réduction permanente des exonérations fiscales d'un montant de 280 millions ariary dans la loi de finances 2025 permettra d'améliorer les recettes fiscales.
- La mise en place du registre social unique élargie pour 600.000 ménages à la fin de l'année 2024.
- La poursuite de l'opérationnalisation de 09 banques alimentaires.
- L'amélioration de la gouvernance et de la lutte contre la corruption à travers la mise en place d'une nouvelle stratégie de lutte contre la corruption.
- Le maintien de la stabilité financière par la BFM tout en relevant des taux directeurs pour maintenir l'inflation sur une trajectoire descendante.
- La réalisation des 2 mesures de réformes soutenues par le FRD : adoption des décrets clarifiant le mandat du Comité interministériel pour l'environnement (CIME) et sur les études d'impact environnemental ; l'établissement des critères de sélection et de priorisation des projets d'investissement, y compris les considérations climatiques.

# Une mobilisation collective

L'obtention de ce décaissement est sans nul doute le fruit du travail acharné des équipes du Ministère de l'Économie et des Finances (MEF), sous l'égide du Ministre, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON et de plusieurs autres ministères partenaires, qui ont œuvré sans relâche pour préparer et défendre les dossiers auprès du FMI. L'implication totale du Numéro Un de Madagascar, Monsieur Andry RAJOELINA ainsi que de son Premier Ministre, Monsieur Christian NTSAY dans les négociations n'est pas, non plus, passée inaperçue. En effet, leurs convictions et engagements respectifs ont joué un rôle crucial dans la prise de décision finale.




Maro ny ezaka nataon'i Madagasikara hahatrarana ireo fepetra notakian'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena mba hankatoavan'izy ireo ity famoaham-bola ity. Isan'izany ny famerenana tsikelikely amin'ny laoniny ny vidin'ny solika eny amin'ny mpaninjara nanomboka ny volana janoary 2025 lasa teo. Eo ihany koa ny fanatsarana ny fampidiran-ketra sy ny fitazomana ny fahamarinan-toerana ara-bola ary indrindra ny ady amin'ny kolikoly amin'ny alalan'ny fametrahana ny tetikady vaovao hiadiana amin'ity farany.

Tsapa ihany koa ny ezaka izay efa atao ary mbola himasoan'ny governemanta malagasy amin'ny fanatrarana ny tahan'ny harikarena faobe ho 5% amin'ity taona 2025 ity izay hita amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana, ny fitrandrahana ara-drariny ny harena an-kibon'ny tany, ny fiazahan-tany, … izay samy seham-pampandrosoana goavana eto Madagasikara.

Samy nanaiky ihany koa anefa fa mbola maro ny ezaka mbola mila tohizana sy hamafisina, indrindra ny fanarenana ny sehatry ny angovo, toa ny fampiharana anaty fotoana fohy ny tetikady ho fanarenana ny orinasa JIRAMA. Marihana fa ny volana Aprily 2025 ho avy izao indray no hisy ny fitsirihana faharoa mahakasika ny FEC sy FRD.

**Cap sur la deuxième revue en avril 2025**

Dans cette perspective, Madagascar se prépare déjà pour la deuxième revue du FEC et du FRD, prévue pour la première quinzaine d'avril 2025, sous la supervision du nouveau Chef de Mission du FMI, Constant Lonkeng. Cette prochaine étape sera décisive pour assurer la poursuite des réformes et le maintien du soutien financier international

# Coopération



## Madagascar – Banque Mondiale

# Réformes économiques pour une croissance durable à Madagascar

Le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF) poursuit son engagement en faveur de réformes économiques efficaces et adaptées aux défis de Madagascar. En collaboration avec la Banque Mondiale, la Note de Conjoncture Économique a été officiellement présentée le 25 février 2025.
L'événement a rassemblé des acteurs clés du secteur économique, en présence de Monsieur Andry RAMANAMPANOHARANA, Secrétaire Général du MEF et Gouverneur Suppléant de la Banque Mondiale, représentant madame le Ministre.

Ce rapport met en lumière les défis et les opportunités pour améliorer la productivité et favoriser une croissance plus durable et inclusive. Pour favoriser cette croissance, ce document recommande plusieurs réformes :

- Améliorer l'environnement des affaires : simplifier les démarches administratives, encourager l'entrepreneuriat et moderniser les services publics ;
- Faciliter l'accès au financement : développer des outils comme le créditbail et les services financiers numériques ;
- Renforcer les compétences des travailleurs : promouvoir la formation professionnelle et l'innovation des entreprises.

La Banque Mondiale a confirmé, à travers Monsieur Atou SECK, Représentant Permanent à Madagascar, qu'elle est toujours prête à accompagner le Gouvernement malgache, le secteur privé et la population à travers les collaborations et les projets qu'elle soutient.

Mitohy hatrany ny fiara-miasan'i Madagasikara sy ny Banky Iraisam-pirenena. Anisan'ny miara-miasa akaiky amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola (MEF) ity andrim-panjakana ity, mba hiantohana ny fanavaozana ara-toekarena mahomby mifanaraka amin'ny fanambin'i Madagasikara.

Manamafy izany ny fanolorana tamin'ny fomba ofisialy ny "Note de conjoncture économique de Madagascar" izay nomanin'ny Banky iraisam-pirenena. Nanatrika izany ny Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Andriamatoa RAMAMANAMPANOHARANA Andry, izay nisolo tena an-dRamatoa Minisitra.

Ity tatitra ity dia manasongadina ny fanamby sy ny fahafahana manatsara ny vokatra ary mampirisika ny fitomboana maharitra kokoa sy iraisan'ny rehetra izay mitondra fanavaozana maromaro:

- Fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana: hanatsotra ny fomba fitantanan-draharaha, hamporisika ny fandraharahana ary hanavaozana ny asam-panjakana;
- Fanamorana ny fidirana amin'ny famatsiam-bola: hamolavolana fitaovana toy ny tolotra ara-bola nomerika;
- Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpiasa: hampiroborobo ny fiofanana matihanina sy ny fanavaozana ny orinasa.

Nohamafisin'ny Banky iraisam-pirenena hatrany, tamin'ny alalan'Andriamatoa Atou SECK, solontena maharitra eto Madagasikara ny fahavonony hanohana ny Fanjakana Malagasy, ny sehatra tsy miankina ary ny mponina amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa sy tetikasa tohanany.

## Madagascar – PNUD

# Madagascar et le PNUD renforcent leur partenariat à travers le Programme de Coopération pour le Développement (CPD) 2024-2028



Un atelier de travail sur le partenariat de la Grande Ile et le Programme des Nations Unies pour le Développement (PNUD) à travers le Programme de Coopération pour le Développement (CPD° 2024-2028) s'est tenu au mois de Février 2025 à Anosy pour évaluer les réalisations de 2024 et fixer les priorités pour 2025.

Pour l'année 2024, des avancées notables ont été marquées par des progrès significatifs dans plusieurs domaines clés : (i) Gouvernance : Appui du PNUD à la CENI, la Haute Cour Constitutionnelle et les organisations de la société civile, (ii) Économie : Soutien au développement de la Zone de Libre-Échange Continentale Africaine (ZLECAf), (iii) Énergie et environnement : Construction de centrales solaires hybrides dans la région Anôsy et Atsimo-Andrefana, bénéficiant aux ménages et aux petites entreprises dirigées par des femmes et des jeunes, (iii) Finances publiques : Renforcement des capacités pour une gestion budgétaire plus efficace.

Ainsi, l'atelier a permis d'identifier les actions prioritaires pour 2025 et de renforcer les synergies entre les parties prenantes. En tant qu'intervenants représentant le Ministère de l'Économie et des Finances, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON et Monsieur Andry RAMANAMPANOHARANA ont souligné l'importance d'une coopération efficace pour atteindre les objectifs de développement.

Monsieur Jean François DUBUISSON, Représentant Résident Adjoint du PNUD à Madagascar, a quant à lui réaffirmé l'engagement du PNUD à soutenir le Gouvernement malagasy dans la mise en œuvre de ses politiques publiques. Le CPD 2024-2028 demeure un levier essentiel pour le développement du pays, mobilisant les acteurs étatiques, la société civile, le Secteur Privé et les agences des Nations Unies

## Fanatsarana ny fiaraha-miasa eo amin'ny Governemanta malagasy sy ny PNUD amin'ny alalan'ny fandaharan'asa 2024-2028.

Notanterahina nandritra io fotoana io ny jery todika momba ny asa vita tamin'ny 2024 sy ny fametrahana ny drafitr'asa ho an'ny taona 2025. Manamafy ny tamberin'andraikitra sy ny mangarahara ny roa tonta niaraka amin'ireo sehatra voakasik'izany.

Miisa telo ireo hevi-dehibe hifotoran'ity fiaraha-miasa ity, izay mifandraika amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana :

(i) Fitantanana maharitra, miarina ary iombonana eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana.

(ii) Fanamafisana ny Fanjakana tan-dalàna sy azo antoka.

(iii) Fanatsarana ny vokatra azo avy amin'ny asa, famoronana asa mendrika, ary fampiroboroboana toe-karena miabo.

Ity atrik'asa ity dia manome lanja ny lahasa laharam-pahamehana ho an'ny taona 2025 ary manamafy ny fiaraha-miasa amin'ireo mpisehatra. Samy nilaza ny maha-zava-dehibe ny fiaraha-miasa ho fanatrarana ny tanjon'ny fampandrosoana nandritra io fotoana io, na ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo na ny Sekretera Jeneraly, Andriamatoa RAMANAMPANOHARANA Andry.

Ny solontena maharitry mpanampin'ny PNUD eto Madagasikara, andriamatoa Jean François DUBUISSON indray dia nanamafy ny fahavononany hanampy ny Governemanta malagasy amin'ny fanatanterahana ny politikam-panjakana. Ireo rehetra ireo dia mifanaraka amin'ny vina sy toro-làlana napetraky ny Filoha Andry RAJOELINA ho fanatanterahana ny fampandrosoana.

## Madagascar – BAD

# Un atelier de formation pour le renforcement de capacités des unités de gestion des projets de la BAD



*Antananarivo, 24 au 28 février 2025*

Le Département des Sauvegardes et de la Conformité Environnementale et Sociale (SNSC) de la Banque Africaine de Développement (BAD), en collaboration avec le Bureau Pays de la Banque à Madagascar, a organisé du 24 au 28 février 2025 un atelier de renforcement des capacités des agences d'exécution des projets et programmes à risque environnemental et social élevé et moyen, financés par la Banque.

Les bénéficiaires étaient le personnel des agences d'exécution directement impliqué dans la conception, la mise en œuvre et le suivi des activités liées à l'environnement et aux aspects sociaux des opérations et programmes financés par la BAD afin d'améliorer la compréhension des exigences et dispositions du Système de Sauvegardes Intégré (SSI) actualisé de la Banque. Parmi eux : les représentants du Ministère de l'Economie et des Finances, du ministère de l'Environnement, des agences nationales de l'environnement et des ministères sectoriels assurant la tutelle des projets.

Durant ces 5 jours, les participants ont pu explorer les meilleures pratiques pour assurer la conformité aux exigences du SSI, depuis la préparation des projets jusqu'à leur mise en œuvre et suivi.





## Fiaraha-miasa eo amin'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (BAD) sy Madagasikara :

Notontosaina ny 24 hatramin'ny 28 febroary lasa teo ny fiofanana entina hanamafisana ny fahaiza-manao ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy ho an'ireo sampandraharaha misehatra eo anivon'ny tetikasa tohanan'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (BAD), amin'ny alalàn'ny Sampandraharahan'ny fiarovana sy ny fanarahan-dalàna ny tontolo iainana sy ny sosialy (SNSC).

Tanjona tamin'ity fiofanana ity ny hanatsaràna ny fahazoana ny fepetra takian'ny Système de Sauvegardes Intégré (SSI) izay vao nohavaozina ho fampiharana sy fanaraha-maso ireo hetsika mifandraika amin'ny tontolo iainana sy ny lafiny ara-tsosialy.

Voakasika tamin'ity fiofanana ity arak'izany ireo sehatr'asa sy minisitera rehetra miara-miasa amin'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana ary isan'izany ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.



# La formation, un levier essentiel pour une administration efficace

Le Ministère de l'Économie et des Finances poursuit son engagement en faveur du renforcement des compétences de ses agents. Avec le soutien du PNUD, 23 agents ont suivi une formation de deux ans en Planification Principale à l'IMaTeP.

Lors d'une séance de restitution organisée par la Direction de la Formation et de la Coordination des Réformes, quatre d'entre eux ont présenté leurs travaux de recherche sur des sujets stratégiques liés au développement du pays. L'énergie, le tourisme ou encore l'industrie figurent parmi les thématiques abordées, en lien avec les priorités économiques du Gouvernement.

Au-delà de l'acquisition de nouvelles compétences, cette initiative vise à encourager le partage des connaissances et à garantir leur application au sein de l'Administration. Une démarche essentielle pour assurer une gestion publique plus performante et contribuer efficacement à la mise en œuvre de la Politique Générale de l'État





## Fampiofanana : Antoky ny fahombiazana ho an'ny fitantanana mahomby

Manohy ny ezaka fanamafisana ny fahaizan'ireo mpiasa ao aminy ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Miaraka amin'ny fanohanana avy amin'ny PNUD, mpiasa 23 no nahavita fiofanana nandritra ny roa taona momba ny Tetibola sy Drafitra Fototra.

Nandritra ny fivoriana natao tamin'ny fanehoana ny vokatry ny fiofanana, nokarakarain'ny Foibem-pitondrana misahana ny Fampiofanana sy ny Fandrindrana ny Fanavaozana, dia mpianatra efatra no namoaka ny fikarohana nataony. Tafiditra amin'ny sehatra manan-danja amin'ny fampandrosoana ny firenena ny loha-hevitra nojerena, toy ny angovo, fizahan-tany, ary koa ny indostria.

Ankoatra ny fampivoarana ny fahaiza-manao, dia natao hanamafisana ny fifampizarana fahalalana sy hanatsarána ny fampiharana izany amin'ny asam-panjakana ity dingana ity. Zava-dehibe ho an'ny fitantanana sy ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izany, ho an'ny fampandrosoana mahomby sy maharitra eto Madagasikara.

# FINANCES PUBLIQUES

# MODERNISATION DU SIIGFP ET REFONTE DE LA LOLF SUR LES RAILS



Avec l'assistance technique du Fonds Monétaire International (FMI), la Direction Générale du Budget et des Finances (DGBF) a organisé du 03 au 07 mars, un atelier de réflexion sur la modernisation du Système Intégré Informatisé de la Gestion des Finances Publiques (SIIGFP) et la révision de la Loi Organique sur les Lois de Finances (LOLF).

Réunissant les experts du FMI et les différents départements du Ministère de l'Economie et des Finances, cette initiative a, d'une part, pour finalité de mener un recensement des besoins des utilisateurs du SIIGFP au sein de la Direction du Budget. Une étape qui devrait conduire vers la modernisation du système afin de mieux répondre aux défis actuels et futurs, et par conséquent d'améliorer l'exécution des procédures budgétaires.

Cet atelier devrait également aboutir à la refonte de la LOLF dont la dernière version de la LOLF remonte à 2004, soit il y a près de 20 ans. Une mise à jour s'impose. Plusieurs dispositions phares de la LOLF accusent du retard (ex. autorisation d'engagement). La réalité de la gestion des finances publiques à Madagascar diffère sur plusieurs aspects avec certaines des dispositions contenues dans la Loi Organique actuelle.

Une version révisée sera prochainement soumise aux autorités en préparation des consultations élargies qui devront débuter fin mars 2025. A noter que la LOLF est la constitution budgétaire et financière de l'État. Laquelle encadre les lois de finances. De nature organique, le texte en fixe le contenu, en détermine la présentation et en régit l'examen et le vote.

## Fitantanam-bolam-panjakana : Atrikasa miompana amin'ny fanavaozana ny SIIGFP sy ny LOLF

Ny Foibem-pitondrana Ankapobeny misahana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola (DGBF) eto anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy Fitantanam-bola dia nikarakara ny 3 ka hatramin'ny 7 martsa, atrikasa momba ny fanavaozana ny rafim-pitantanana ny volam-panjakana mitambatra (SIIGFP) sy ny fanavaozana ny Lalàna Organika momba ny Fitantanam-bola (LOLF). Izany dia notanterahana niaraka tamin'ny fiarahamiasan'ny avy ao amin'ny FMI izay nanome ny tohana ara-tekinika.

Nandritry io fe-potoana io dia nivondrona ireo manampahaizana avy amin'ny FMI sy ny tekinisianina eo anivon'ny sampana isan-tsokajiny ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola handinika ny anatanterahana ny fitsirihina ny filan'ny mpampiasa ny SIIGFP ao anatin'ny Foibem-pitondrana misahana ny Tetibola. Dingana iray izay tokony hitarika amin'ny fanavaozana io rafitra io izany, izay hanaraka ny toetrandro sy mamaly tsara kokoa ny fanamby ankehitriny sy ho avy ka hitarika amin'ny fanatsarana ny fanatanterahana ny tetibola.

Ity atrikasa ity dia hitarika ihany koa amin'ny fanavaozana ny LOLF, izay marihana fa ny dikan-teny nohavaozina farany dia tamin'ny taona 2004, izany hoe efa ho 20 taona lasa izay ka tsy mifanaraka amin'ny zava-misy ankehitriny intsony amin'ny lafiny fitantanam-bolam-panjakana. Hatolotra tsy ho ela any amin'ny manampahefana ny dikan-teny nohavaozina ho fanomanana ny fifampidinihana mivelatra kokoa heverina atao amin'ny farany ny volana marsa 2025. Marihina fa ny LOLF no Lalàm-panorenan'ny Fanjakana momba ny tetibola sy ara-bola. Izany no mifehy ny lalàna ara-bola, mametraka ny votoatiny, mamaritra ny fanolorana ny tetibola ary mifehy ny fanadinana sy ny fifidianana azy.





## 27 février 2025 : Coup d'envoi de l'enquête auprès des ménages (EPM 2025)

# La 11e édition de l'Enquête Permanente auprès des Ménages (EPM 2025) a débuté le 27 février 2025.

Organisé par le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF), via l'Institut National de la Statistique (INSTAT) et la Banque Mondiale, l'EPM 2025 fournira des statistiques précises sur les conditions de vie des ménages et les dynamiques socio-économiques du pays.

### Un dispositif rigoureux pour des données fiables

Grâce à une collecte en deux vagues – de mars à juin, puis d'août à novembre – l'EPM 2025 fournira, l'enquête reposera sur un échantillon représentatif de 17 000 foyers, répartis sur les 23 régions de Madagascar, en zones urbaines et rurales.

### Une méthodologie innovante pour une meilleure transparence

L'EPM 2025 intègre des avancées technologiques majeures :

- Utilisation de tablettes numériques pour garantir une collecte de données rapide et efficace.
- Suivi en temps réel via un serveur sécurisé de l'INSTAT.
- Confidentialité et transparence assurées par l'identification officielle des enquêteurs et l'implication active des autorités locales.

### Un appel à la participation des ménages

Le MEF et la Banque Mondiale encouragent vivement la population à répondre aux enquêteurs afin d'obtenir des données fiables et exploitables pour la prise de décisions économiques stratégiques.

# Anokafana ny fanadinadinana ifotony momba ny toekarena sy fiainan'ny tokantrano (EPM 2025)

Nanomboka ny 27 febroary 2025 teo ny fanadihadiana Ifotony momba ny Tokantrano (EPM 2025) andiany faha-11 izay karakarain'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola (MEF) amin'ny alalan'ny Institut National de la Statistique (INSTAT) sy ny Banky Iraisam-pirenena.

Tokantrano voafantina amin'ny fomba izay manaraka fenitry ny EPM 2025 miisa 17.000 no anaovana ny fanadihadiana ary miparitaka eny amin'ny faritra 23 manerana ny nosy, na any ambanivohitra na an-tanàn-dehibe.

Hisy dingana roa amin'ny fanangonam-baovao:

- Martsa ka hatramin'ny Jona
- Aogositra ka hatramin'ny Novambra

Izany no atao dia ny ahafahana mamokatra antontan'isa mazava sy azo itokisana momba ny fepetra iainan'ny tokantrano sy ny fivoaran'ny toe-karena sosialy eto amin'ny firenena.

### *Fomba fiasa vaovao ho amin'ny mangarahara sy fahombiazana*

Ho fanatsarana ny fizotry ny angovam-baovao dia nampidirina ny fampiasana ireo teknôlôjia vaovao. Isan'izany ny :

- Fampiasana takelaka nomerika mba hahazoana angon-drakitra haingana sy marina.
- Fanaraha-maso eo noho eo ireo angon-drakitra.
- Fiantohana ny tsiambaratelo sy mangarahara amin'ny alalan'ny fisoratana anarana ofisialy ny mpanangona angon-drakitra sy ny fandraisana anjaran'ny manam-pahefana eo an-toerana.

### *Antso ho an'ny fandraisan'anjaran'ny tokantrano*

Manentana ny mponina ny MEF sy ny Banky Iraisam-pirenena mba handray anjara amin'ny fanadihadiana amin'ny alalan'ny valin-teny marina sy feno ho an'ny mpanangona angon-drakitra. Izany dia ahafahana mamangy politika ara-toekarena mifanaraka amin'ny tena zava-misy eto amin'ny firenena.

## « Ma part d'impôts, ma contribution »

# Anjara Hetrako : Madagascar inspire

La Direction Générale des Impôts (DGI) a été ovationnée lors de l'Atelier d'échange entre chargés de communication des administrations fiscales africaines et journalistes spécialistes de la fiscalité (African Tax Media Network - ATMEN) du réseau ATAF (African Tax Administration Forum) à Ouagadougou le mois de février 2025.

En effet, l'approche Anjara Hetrako qui est une stratégie globale alliant proximité, innovation numérique et simplification administrative pour un renforcement de la culture fiscale, pourrait bientôt service de modèle pour les autres pays africains.

Avec les 44 758 contribuables enregistrés lors des campagnes de proximité, la transformation de la culture fiscale à Madagascar a prouvé qu'une stratégie de communication innovante et inclusive peut renforcer la confiance entre les citoyens et l'administration. En combinant proximité, médias traditionnels, outils numériques et collaboration avec les collectivités territoriales, la DGI a non seulement élargi son assiette fiscale, mais aussi instauré un climat de transparence et de redevabilité.

Suite à la présentation de Madame Imiangaly RANDRIANOMANANA, cheffe du service de la promotion du civisme fiscal et de la cellule communication auprès de la DGI lors de ce forum, la DGI Malgache fait désormais partie du comité de pilotage de l'ATMEN.







Nitondra avo ny voninahitr'i Madagasikara nandritra ny Fivoriam-ben'ireo tompon'andraikitry ny Serasera sy mpanao gazety matihanina amin'ny resaka hetra, izay mandrafitra ny tambazotra «African Tax Media Network - ATMEN», programan'ny «Forum sur l'administration fiscale africaine (ATAF)» tany Ouagadougou, ny volana Febroary 2025 lasa teo ny avy ao amin'ny ekipan'ny Sampandraharahan'ny Hetra izay rantsamangaikan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Nanao famelambelaran-kevitra momba ny hetsika Anjara Hetrako : fomba iray entina ampidirana anaty valan'ny ara-dalàna ireo mpisehatra ara-toekarena izay mbola tsy anatin'izany izy ireo nandritra izany fivoriam-be izany. Nisolo tena ireo firenena miteny frantsay ao anatin'ny ATAF, araka izany, ny DGI Madagasikara raha ny Federal Inland Revenue Service (FIRS) Nigeria kosa no an'ireo mpikambana miteny anglisy.

Marihana moa fa hatramin'ny nanombohana azy dia 44.758 izao ireo mpandraharaha madinika tafiditra anatin'ny ara-dalàna. Ary ny fiaraha-mientan'ireo tompon'andraiki-panjakana sy olom-boafidy teo amin'ireo Fitaleavam-paritra 12 voatsidika ary ireo mpandraharaha amin'ny fampiasana ny mobile banking no nahatanterahana izany.

Noraisin'ireo mpanatrika ho zava-baovao ary tsara hianarana izany fomba nataon'ny DGI Malagasy izany, koa tafiditra ao anatin'ny Komity mpamolavola ireo programan'asan'ny ATMEN ankehitriny i Madagasikara.

Marihana fa ramatoa Randrianomanana Imiangaly, izay lehiben'ny sampan-draharahan'ny fampiroboroboana ny fanabeazana ara-ketra sy ny serasera ao amin'ny Foibem-pitondrana ankapoben'ny Hetra no nisolotena ny Sampandraharahan'ny Hetra nandritra izany fotoana izany.